



CRJ

(Centre de Ressources Juridiques)

Ny CRJ dia ivon-toerana natokana ho an'ireo Fokonolona mitantana harena voajanahary, Fokonolona faritra ifampivelomana, ary ireo Mpiaro zo ara-tontolo iainana (*défenseurs environnementaux*).

Ny CRJ dia rafitra anatin'ny TAFI MIHAAVO. Ny fitantanana azy dia amin'ny alalan'ny Initiative conjointe TAFI MIHAAVO-Natural Justice.

Miara-miasa akaiky amin'ireo birao sy andrim-panjakana, mpisolo vava, mpahay lalàna, firaisamonim-pirenena sy rafitra tsy miankina samihafa ny CRJ amin'ny fanatanterahana ny asany.

ASA ATAON'NY CRJ



MANAMAFY NY FAHAFANTARANA NY ZO SY ANDRAIKITRA

Manaparitaka antontan-kevitra momba ny voalazan'ny lalàna mikasika ny zo sy andraikitra ny fokonolona sy ireo Mpiaro zo ara-tontolo iainana



MANOME TORO-LÀLANA SY TOHANA

Manome toro-làlana sy tohana amin'ny fifandraisana amin'ireo tompon'andraikitra anivon'ny fanjakàna, ny Fitsaràna sy ireo sehatra hafa famahana olana



MANOME TANTSOROKA MIKASIKA NY DINA SY NY RAFITRA FIFAMPITONDRANA

Manome tantsoroka amin'ny fandrafetana sy fampiharana ny Dina sy ny fanamafisana ireo fitsipika sy rafitra fifampitondrana anivon'ny Fokonolona



MANOHANA NY DINGANA FANAMAFISANA NY ZO

Manome tantsoroka amin'ny fanatanterahana ireo dingana ho fanamafisana ny zo amin'ny fananan-tany sy ny zo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary



MIARO IREO MPIARO ZO ARA-TONTOLO IAINANA

Manampy araka izay azo atao ireo Mpiaro zo ara-tontolo iainana rehefa misy hamehana mahazo azy


Ny CRJ dia :



Tsy misolo tena ny Fokonolona na ireo Mpiaro zo eo anatrehan'ny Fitsaràna na ireo rafitra hafa famahàna olana, fa kosa manampy amin'ny fifandraisana amin'izy ireny ary afaka manohana amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Mpisolo vava raha ilaina



Tsy afaka manohana raharaha tsy mifandraika amin'ny harena voajanahary, tontolo iainana na soa imbonanam-pokonolona hafa



Ho an'ireo Mpiaro zo ara-tontolo iainana

Ny CRJ dia manampy amin'ny dingana fangatahana fanampiana vonjimaika amin'ny **Fonds AED** - petra-bola manokana entina anampiana vonjimaika ireo Mpiaro zo rehefa misy ny hamehana mitranga aminy.



Mikasika ny toro-làlana sy tohana amin'ny tranga miendrika tsy fanaraha-dalàna

Manamarina ny fisian'ny tranga hoentina eo aminy ny CRJ. Misy kosa ny Komity *ad hoc* mandinika izay mety afaka hanampiana ny raharaha. Miara-miasa akaiky hatrany amin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ary ireo rafitra samihafa amin'ny dingana tanterahana.

FOMBA FIFANDRAISANA AMIN'NY CRJ



Miantso ny laharana : **+261 38 94 815 09**



Mandefa mailaka amin'ny adiresy : **centrederessourcesjuridiques@proton.me**



Manantona mivantana ny adiresy : **Lot VH37 Amparibe Antananarivo**